# Mampihatra ny tantaran'ny Fiangonana amin'ny tenantsika

## Sahanasa A
**MITORY NY FILAZANTSARA**

Nanoratra ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Tsy nanakana ny fandrosoan'ny fahamarinana ny fanenjehana" (*History of the Church*, 4:540). Efa niantso mpikambana maro tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ny Tompo teo aloha mba hanao asa fitoriana any ampitan-dranomasina. Na dia teo aza ny aretina sy ny fahasahiranana dia nandao tamim-pankatoavana an'i Nauvoo mba hanao asa fitoriana ireo rahalahy vonona ireo. Vokatr'izany dia olona an'arivony, avy any Angletera indrindra indrindra, no nahazo fijoroana ho vavolombelona avy tamin' Andriamanitra, niditra ho mpikamban'ny Fiangonana ary nanao dia nankany Nauvoo. Lasa tanjaka lehibe ho an'ny Fiangonana izy ireo.

Vakio ny 1 Nefia 3:7 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:1, ary eritrereto ny fomba mety hifandraisan'ireo andininy ireo amin'io ohatra momba ny asa fitoriana io.

## Sahanasa B
**NANORINA NY FIKAMBANANA IFANAMPIANA**

Raha teo am-pananganana ny Tempolin'i Nauvoo ny Olomasina dia nisy rahavavy vitsivitsy nahatsikaritra fa maro tamin'ireo lehilahy niasa tao amin'ny tempoly no tsy nanana kiraro sy pataloha ary lobaka ara-dalàna. Noho ny fitaomam-panahy avy amin'ny Tompo no nananganan'izy ireo vondrona vehivavy ary nanomboka niara-niasa mba hanomezana ireo akanjo ireo. Toy ireo vondrona mitovy aminy tamin'izany fotoana izany, dia nandrafitra lalàm-panorenana izy ireo. Natolotr'izy ireo an'i Joseph Smith ilay antontan-taratasy mba hankatoaviny.

> [Rehefa nahita izany] i Joseph, dia nilaza izy fa io no lalàm-panorenana tsara indrindra nisy. "Tsy izany anefa no tsara katsahinareo," hoy izy. "Teneno ireo rahavavy fa eken'ny Tompo ny fanatitr'izy ireo, ary manana zavatra tsara kokoa ho azy ireo Izy. . . . Handamina ireo vehivavy aho eo ambany fitarihan'ny fisoronana araka ny lamin'ny fisoronana." (*Olomasina*, 1:448)

Tamin'ny 17 martsa 1842, dia nanome torolalana an'i Joseph Smith Andriamanitra hanangana ny Fikambanana Ifanampiana. Andriamanitra dia manohy manentana ireo mpitarika ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana ankehitriny mba hanompo sy hankahery ireo mpikamban'ny Fiangonana sy ireo hafa tsy tambo isaina.

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:26–28, ka tadiavo ny fomba mety hifandraisan'ireo andinin-tsoratra masina ireo amin'ireo vehivavy nentanim-panahy izay nanao zavatra izay nitarika tamin'ny fanorenana ny Fikambanana Ifanampiana.



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_431-1